


Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Fanafody ho an'ny Fanirery

Amim-pitiavana, ny Raiko dia efa nanendry ahy mialoha mba hatsangana ho zanany lahy na vavy.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Rehefa manontany tena aho hoe firy ny Kristiana manirery eto amin'izao tontolo izao amin'izao fotoana izao, dia manohintohina ahy ny valiny azo inoana. Mino aho fa tsy tokony hisy ny Kristiana manirery. Ny iray amin'ireo fiovana lehibe indrindra tokony hokatsahin-tsika dia ny fandinihana indray ny momba ny dikan'ny hoe Kristiana. Midika izany fa anisan’ny fianakavian’Andriamanitra. Tsy amin'ny fehezanteny teolojika mahafinaritra fotsiny, fa amin'ny maha-mpikambana ao amin'ny fianakaviana tena izy.

Ny hoe manirery dia toe-javatra tsy mahafaly. Kanefa, eto amin’izao tontolo izao ankehitriny, dia misy olona an-tapitrisany sy an-tapitrisany manirery. Na dia mihamitombo haingana aza ny mponina eto an-tany, ary na dia maro aza ny olona mipetraka any amin’ny tanàn-dehibe, dia feno olona manirery ireo tanàn-dehibe ireo sy ity tany misy antsika ity.

Mitranga tokoa izany hoe manirery izany na dia eo anivon'ny vahoaka aza. Ary mitranga tokoa ny hoe manirery na ao amin'ny tanàna lehibe iray aza. Raha ny marina, izany no endriky ny hoe manirery ratsy indrindra — dia ny hoe voahodidin'ny olona, ary, miaraka amin'izay, mahatsapa ho voasakan'ny sakana tsy hita maso izay tsy hainao ny mandrava azy.

Tsy drafitr'Andriamanitra ho an'ny fiainan'ny tsirairay ny manirery. Hatrany amin’ny mandrakizay, Andriamanitra dia Ray. Ny loharanon’ny maha-ray rehetra, — ny fianakaviana tsirairay, na any an-danitra sy ety an-tany — dia Andriamanitra. Araka ny nosoratan’i Paoly ao amin’ny Efesiana 3:15:

> "Izay ahazoan’ny fianakaviana rehetra any an-danitra sy ety an-tany anarana."

Teo am-piandohan’ny tantaran’ny olombelona, Andriamanitra dia nanome vady ho an’ny lehilahy voalohany satria nanapa-kevitra Izy hoe: “Tsy tsara raha irery ralehilahy.” (Genesisy 2:18). Izany no toe-tsain’Andriamanitra. Te hanala antsika amin’ny maha-irery

© 2008 - Dries Du Plessis

antsika Izy ka hametraka antsika ao amin'ny fianakavian'Andriamanitra. Te hanome antsika rahalahy sy anabavy izay hizarana ny Fitiavany Izy.

Misaotra Anao, Ray ô, fa Zanakao aho. Manambara aho fa tsy drafitr'Andriamanitra ho an'ny fiainako ny manirery.

Napetrany tao amin'ny fianakavian'Andriamanitra aho. Ao amin'ny fitiavana, no nanendren'ny Raiko mialoha ahy mba hatsangana ho Zanany lahy na ho Zanany vavy, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-240-MLG

Nohavaozina farany: 15 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

